

Toriteny 1 – Mahita indray ny maha-izy antsika marina

TAMIN’NY VOALOHANY

FAMPIDIRANA

Iza moa aho? Inona no maha-eto amin’ity tany ity ahy ? Ireny fanontaniana filôzôfika ireny dia manana ny akony azo tsapain-tànama eo amin’ny fiainantsika andavan’andro. Misy ifandraisana amin’ny maha-isika antsika izy ireny. Izany dia mahakasika ny dikan’ny fiainany sy ny tanjony. Ny tsy fahalalana ny maha-izy ny tena dia mitarika ho amin’ny fisavorovoroan-kevitra, misakana ny fivelarana amin’ny fahafenoany, lasa vato misakana ny fahasambarana ary fahafaham-baraka ho an’Andriamanitra.

Inona avy ireo zavatra mandrafitra ny votoatin’ny maha-izy antsika tany am-boalohany ? Amin’ny fomba ahoana no hahazoan’ny olona iray izay efa nandalo olana tena sarotra momba ny maha-izy azy ho tafaverina amin’ny laoniny indray?

(Vavaka)

Fizarana I: Ny olan’ny maha-izy ny tena

Ny Filazantsaran’i Lioka dia milaza amintsika ny tantaran’ny lehilahy iray azon’ny demonia. Azontsika vakiana ao amin’ny Lioka 8: 27 ny totoetra momba azy: “*Ary raha niala nankeny an-tanety Jesosy, dia nifenana tamin’ny lehilahy anankiray avy ao an-tanàna, izay efa nanana demonia, ary efa ela izy no tsy nitafy lamba sady tsy nitoetra tao an-trano, fa teny amin’ny fasana.*” Ity lehilahy ity dia niatrika olana lehibe ny amin’ny maha-izy azy manokana. Lioka 8:30, “*Ary Jesosy nanontany azy ka nanao hoe: Iza moa ny anaranao ?*” *Dia hoy izy: “Legiona,”, fa demonia maro no efa niditra tao anatiny.*” Nifanjevo be ihany ny tao an-tsainy na dia momba ny zavatra fototra maha-izy azy aza, dia ny anarany izany.

Ny toe-javatra nisy azy dia tonga loharanom-pahorianan ho an’ny tenany sy ny manodidina azy. Rehefa mihevitra ny tenany ho “*Legiona*” mantsy ny olona iray, dia azo antoka ny hitoerany eny amin’ny fasana ary ara-drariny ny mahatonga azy ho zava-mahatahotra ny olona. Ny fiheverantsika ny tenantsika dia misy akony eo amin’ny fomba fiainantsika sy ny fihetsitsika. Izany no maha-zava-dehibe ny hahalalantsika sy hiainantsika araka ny maha-izy antsika nomen’Andriamanitra antsika.

Sehatra maro amin’ny siansa no miezaka hanome fanazavana ny amin’ny anton’ny olana eo amin’ny maha-izy ny tena. Ireto no sasany amin’ireo antony voatanisa matetika: fitaizana tsy tomombana, tsy fisian’ny faneken’ny hafa, fanandramana mampalahelo tamin’ny lasa, tsy fananana foto-kevitra ijoroana sy tsy fahalalana ny tombam-bidin’ny tena. Tsy hoe fandavana ireo antony maro hafa akory, fa ny apostoly Paoly koa dia miresaka antony anankiray. Ao amin’ny fampidirana ny taratasiny ho an’ny Romana i Paoly dia manoritsoritra toe-javatra iray nampisy fisavorovoroana lehibe tokoa izay efa nahazo vahana tamin’izany andro izany, Romana 1: 26,27, “*Izany no nanoloran’Andriamanitra azy ho amin’ny filan-dratsy mahavoafady, fa ny vehivavy tao aminy nanova ny fanaony ho amin’izay tsy fanaony; ary tahaka izany koa ny lehilahy, fa namela ny fanao amin’ny vehivavy izy ka maimay tamin’ny fifampilany samy*

lehilahy". Hitantsika eto ny famariparitana toe-javatra iray niombonana mikasika ny fisavorovoroana na fikorontanana eo amin'ny maha-izy ny tena. Ny fomba fiteny hoe "izany no" dia milaza amintsika fa misy antony ilay fisavorovoroana na fikorontananaeo amin'ny maha-izy ny tena. Amin'ny andininy eo aloha i Paoly dia miresaka ny amin'Andriamanitra mampahafantatra ny tenany amin'ny alalan'ny zavatra noforoniny, Romana 1: 20, "*Fa ny fombany tsy hita, dia ny heriny mandrakizay sy ny mah'Andriamanitra Azy, dia miseho hatramin'ny nanaovana izao tontolo izao, fa fantatra amin'ny zavatra nataony, ka dia tsy manan-kalahatra ireo.*"

Mampalahelo anefa, misy ampahany amin'ny olombelona izay tsy mahalala hoe iza marina moa Andriamanitra, ka izao no soratan'i Paoly ao amin'ny Romana 1: 25, "*Ary ny fahamarinan' Andriamanitra dia nosoloany lainga, ka nanaja sy nanompo ny zavatra natao izy, fa tsy ny Mpanao, Izay isaorana mandrakizay. Amena.*" Ny fandavana ny maha-Izy an'Andriamanitra dia mitarika ho amin'ny olana momba ny maha-izy ny tena eo anivon'ny samy olombelona.

Raha te-hanaisotra ny olana momba ny maha-izy antsika isika, dia ilaintsika ny mahita indray ny hoe iza na inona ho an'ny olombelona moa Andriamanitra. Ny fahalalana marina an'Andriamanitra no mitondra heviny ho an'ny fainana sy tanjona. Amin'ny fampianaranay Jesosy dia tsy nitsahatra nampitodika ny sain'ny olona ho amin'Ilay Andriamaniry ny famoronana, Matio 19:8b, "*Fa tamin'ny voalohany dia tsy mba toy izany*". Zava-dehibe noho izany ny manao dia miverina mankany amin'ny fotoanan'ny famoronana.

Fizarana II: Ny fifandraisantsika amin'Ilay Andriamaniry ny famoronana

Ny fitantarana ny famoronana dia mampiseho fifandraisana fototra dimy eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona :

- i. Andriamanitra no Mpamorona ny Olombelona .
Genesisy 1:27, "*Ary Andriamanitra nahary ny olona...*"
Ny olombelona dia vokatry ny Mpahary Hendry; noho izany ny olombelona dia noforonina noho ny antony manokana.
- ii. Andriamanitra no Modely/Ohatra ho an'ny Olombelona
Genesisy 1:27, "*Tahaka ny endrik'Andriamanitra no namoronany azy...*"
Ny olombelona dia tsy natao hamorona izay fombany manokana fa natao kosa hitaratra ny endrik'Andriamanitra fotsiny.
- iii. Andriamanitra no Mpanome izay ilain'ny Olombelona.
Genesisy 1:29, "*Ary Andriamanitra nanao hoe: "Indro efa nomeko anareo ny anana manintsam-boa rehetra izay ambonin'ny tany rehetra ary ny hazo rehetra izay misy voa sady manitsam-boa ."*"
Tsy misy toerana ho an'ny fireharehana sy ny ahiahy; ny zavatra ilain'ny Olombelona dia ny hahalala an'Andriamanitra ary hametraka Aminy ny fanahiany rehetra.
- iv. Andriamanitra no Tompon'ny Olombelona.

Genesisy 1:28, “Ary Andriamanitra nitso-drano azy hoe: Maroa sy mihabetsaha ary mamehoa ny tany, ka mampanompoa azy; ary manjakà amin’ny hazandrano ao amin’ny ranomasina sy ny voro-manidina ary ny biby rehetra izay mihetsiketsika ambonin’ny tany”.

Ny olombelona dia nantsoina mba handray toro-marika sy hanaraka tari-dalana.

v. Andriamanitra dia Namana akaikin’ny Olombelona.

Genesisy 2:1-3, “Ary tamin’ny andro fahafito dia vitan’Andriamanitra ny asa efa nataony; ary dia nitsahatra tamin’ny andro fahafito Izy tamin’ny asany rehetra izay efa nataony. Ary Andriamanitra nitahy ny andro fahafito sy nanamasina azy, satria tamin’izany no nitsaharan’Andriamanitra tamin’ny asany rehetra izaynoforoniny tamin’ny nanaovany azy.”

Ny olombelona dia noforonina hanana fifandraisana ; tsy ara-dalàna ny maha-irery sy fitoerana irery.

Ireo fifandraisana dimy manokana eo amin’Andriamanitra sy ny olombelona io no miteraka ny fototry ny maha-izy ny olombelona :

Fifandraisana amin’Andriamanitra	Fototry ny maha-izy
Andriamanitra no Mpamorona	Ny olombelona dia zava-boaharin’Andriamanitra.
Andriamanitra no Mpiah (Mpanome izay ilaina).	Ny olombelona dia voahary miankin-doha
Andriamanitra no Modely.	Ny olombelona no solon-tenany .
Andriamanitra no Namana akaiky (mpiara-dia).	Ny olombelona dia voahary natao hifandray
Andriamanitra no Tompo.	Ny olombelona dia mpanompo .

Rehefa misafidy ny hiaina sy hivelona mifanaraka amin’ireo zavatra dimy fototry ny maha-izy ireo ny olona iray, dia tafiditra ao amin’ny fepetra hahazoany miaina sy mivelona amin’ny fahafenoany tanteraka sy ankasitrahant’Andriamanitra. Azo atao ve ny hiverina indray amin’ny fototry ny maha-izy na efa nisy aza ny fomba fiainana hafa narahina ? Misy fanantenana ho an’ny olona tsirairay .

Fizarana III: Famerenana amin’ny laoniny ny fototry ny Mmaha-izy

Tsy hoe tsy nisy vokany akory ny fihaonan’ilay lehilahy tao Gerasena tamin’i Jesosy. Hitantsika ny fomba nanampian’i Jesosy azy hiala avy amin’ny fikorontanana ka namerenany teo amin’ny fiainany ireo fototra dimin’ny maha-izy voalaza etsy ambony.

Ny olombelona dia zava-boaharin’Andriamanitra.- Ny vokatra teo no ho eo avy amin’ilay fihaonana tamin’i Jesosy dia voasoritsoritra ao amin’ny andininy 35. Indro izy “nipetraka teo anilan’ny tongotr’i Jesosy”. Izany fihetsika izany dia maneho fa ilay demoniaka teo aloha dia indro fa mianatra (mandray fampianarana) avy amin’i Jesosy. Ny hoe “eo anilan’ny tongotr’i Jesosy” koa dia mariky ny fanekena ny maha-Tombo an’i Jesosy. Ankehitriny izy dia mandray ny toeran’ny zava-boahary eo an-tongoty ny Mpahary azy.

Ny olombelona dia voahary miankin-doha (tsy mahaleo tena) – nandritra ny taona maro izy no nandehandeha teny rehetra teny tsy nitafy lamba (nitanjaka), nefy ny andininy 35 dia maneho lehilahy voaova ho olona nitafy lamba. Taiza izy no nandeha nividy izany ? Fantatsika ny valiny.

Jesosy no mpanasoa azy sy mpanome izay nilainy. Ankehitriny izy dia miankin-doha amin'i Jesosy mba hahazoany izay ilainy .

Ny olombelona dia voahary natao hifandray - Ilay lehilahy azon'ny demonia dia tsy afaka nikolokolo fifandraisana ara-dalàna tamin'Andriamanitra sy ny mpiara-belona taminy. Teo aloha dia tamin'ny toerana mitokana mandrakariva no nisy azy sy teny amin'ny fasana, tafasaraka tanteraka tamin'izay mety ho fifandraisana na tamin'iza na tamin'iza. Ankehitriny, dia tafaverina amin'ny laoniny ny fahafahany miara-monina amin'ny hafa. I Lioka dia miresaka ny amin'ny nandehanany nitory eran'ny tanàna; Marka kosa milaza fa tamin'ny tanàna folo mihitsy aza .

Ny olombelona dia mpanompo – Maro no efa niezaka ny hihazona azy sy hifehy azy, hibaiko azy sy hanome azy toro-marika. Nefa dia nanao araka izay tao an-tsainy ihany izy, na araka tsy fisian'ny saina tao aminy. Ankehitriny rehefa nahazo baiko izy, iraka avy amin'i Jesosy, dia nanatanteraka tsy nisy fanoherana. Izao no voasoratra ao amin'ny Lioka 8:39, “*Modia any antanontao ary ambarao ny zavatra lehibe nataon'Andriamanitra taminao*”. *Dia nandeha izy ka nitory ...* ” Naneho ny fihetsiky ny mpanompo izy.

Ny olombelona dia solon-tena (masoivoho) - Tsy afaka nijanona teo amin'io faritany io intsony Jesosy. Voatery tsy maintsy niala teo Izy. Nefa ny solon-tenany dia tafajanona teo an-toerana. Izao no soratan'i Ellen White momba ny andraikitra maha-solon-tena an'ilay lehilahy demoniaka fahiny : “*Na dia lasa ny tenan'ny Mpamony, dia nitoetra teo ny olona izay nositrany ka nijoro ho vavolombelon'ny heriny ... Rehefa niverina tany Dekapolisy Jesosy, dia nirohotra nanatona Azy ny olona, ka nandritra ny hateloana dia tsy ny mponina tao amin'ny tanàna iray ihany, fa an'arivony avy tamin'ny faritra manodidina no nandre ny hafatry ny famonjena*” – IFM, p. 359

Ny fitsaboana voalohany hialana amin'ny olan'ny maha-izy ny tena dia ny fihazakazahana hanatona an'i Jesosy. Nisy vokany izany ho an'ilay lehilahy demoniaka ary hisy vokany ho an'ny olona rehetra koa na manao ahoana na manao ahoana ny halehiben'ny fikorontanan'ny maha-izy antsika , eny fa na dia avy amin'ny hery tsy hita maso aza no antony,. Jesosy dia mamerina indray ny tanjona sy ny dikan'ny fiainan'ireo manatona Azy.

Famaranana

Raha miady amin'ny fikorontanana vokatry ny olan'ny maha-izy antsika isika, raha mikatsaka anim-pamoizam-po ny tanjona sy ny dikan'ny fiainantsika isika, dia misaotra an'Andriamanitra kosa noho ny ampahatsiahivany antsika ny fototry ny maha-izy ny olombelona amin'ny maha-zava-boaharin'Andriamanitra azy, *voahary miankin-doha Aminy, solon-tenan'Andriamanitra, voahary natao hanana fifandraisana, ary mpanompo*. Raha toa ka nisy antony *nahatonga antsika nanalavitra na niala tamin'ny fototra maha-izy antsika tamin'ny voalohany*, dia misaotra an'Andriamanitra isika satria ao amin'i Jesosy dia azo averina amin'ny laoniny izany fototra maha-izy antsika tamin'ny voalohany izany. Aoka ho takiantsika ity teny fikasany ity amin'izao fotoana izao ary mandritra ny herinandro : “*Ary ny fanahy izay nitotongana ho fitaovan'i Satana dia mbola amin'ny alalan'i Kristy ihany no hanovana azy ho mpitonдра hafatry ny fahamarinana...* ” – IFM, p. 360.

Toriteny 2 – Mahita indray ny maha-izy antsika marina

**Ny fomba aman-toetra marin'ny olombelona
dia natao hiankohoka amin'Andriamanitra sy hidera.**

Fampidirana

Ny zavatra fototra voalohany indrindra amin'ny maha-izy antsika dia izao : “*Zava-boaharin'Andriamanitra ny olombelona.*” Ny fomba anankiray anehoana ny fanekena sy iainana io maha-izy antsika fototra io dia ny fiankohofana amin'Andriamanitra sy fiderana Azy. Ny Salamo 47:1-2 dia manasa antsika hoe, “*Mitehafa tana, ry firenena rehetra; mihobia ho an'Andriamanitra, fa Jehovah no Andriamanitra ka tokony hatahorana; Mpanjaka lehibe ambonin'ny tany rehetra Izy.*” Ny Apokalypsy 4:11 dia akon’ny andalan-teny voalaza teo aloha: “*Hianao Tomponay sy Andriamanitray no mendrika handray ny voninahitra sy ny haja ary ny hery; fa Hianao no nahary ny zavatra rehetra, ary noho ny sitraponao no nahansy sy nahary azy.*” Maneho fahamarinana lehibe sy manan-danja ireo andalan-teny anankiroa ireo. Raha mihevitra an'Andriamanitra ho mahatahotra isika (mihevitra izany ve hianao ?) sady Mpahary ny zavatra rehetra (izany tokoa ve Izy?), dia asaina isika hiankohoka Aminy sy hidera Azy, miaraka amin'ireo marobe izay mihira milaza ny hatsaran'Andriamanitra:

Inona no anjara toeran’ny fiankohofana sy fiderana eo amin’ny fainanao ? Inona ireo fanehoam-piderana sy fankalazana ankasitrahant'Andriamanitra ?

(VAVAKA)

Fizarana I: Ny zava-boahary dia mpiankohoka sy mpidera ary mpankalaza

Taorian’ny namoronana ny olona tamin’ny andro fahenina, ny andro feno voalohany nomena an'i Adama dia ny andro fiankohofana, ny Sabata. Ny bokin’ny Eksodosy dia manambara sy manandratra ny maha-zava-dehibe ny fiankohofana sy fiderana. Toko 16 amin’ny 40 no natokana hitantarana ny fanorenana ny toeram-pivavahana tany an’efitra, dia ny tabernakely izany. Nandany herintaona manontolo tao Sinay ny vahoaka Isirael ny nanorina ny tabernakely araka ny modely nomen'Andriamanitra sy nianatra ny fomba fivavahana. Ny zanak' Andriamanitra izay nandalo ny fanandraman’ny fanafahana tamin’ny fanandevozana dia nantsoina mba hivavaka, hiankohoka sy hidera. Rehefa nanoritsoritra ny atao hoe vahoakan' Andriamanitra i Petera amin’ny fampiasana ny teny hoe “fanjakam-pisorona ,” dia nampahatsiaro ny tabernakely tao amin’ny Testamenta taloha. Ny anton’io “fanjakam-pisorona” io dia ny “*hilaza ny hatsaran'Ilay niantso azy hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavana mahagaga* ” (1 Petera 2:9b). Novonjena isika mba hilaza ny hatsaran'Andriamanitra, hiankohoka sy hidera.

Rehefa avy nanao jery todika ny tantaran’ny fiangonana nandritra ny taon-jato maro, toko 2-3 ao amin’ny Apokalypy, ny Apostoly Jaona dia nanome topimaso ny any an-danitra ao amin’ny toko 4. Hitany Andriamanitra eo ambony sezamora sy fiandrianany amin’ny voninahiny rehetra. Hitany koa ireo loholona 24 sy ireo zava-manan’aina efatra. Ireo vondrona anankiroa ireo dia aseho ho manolo-tena ho amin’ny asa iombonana.

Andeha ho vakintsika ny Apoklypsy 4:8

“Ary ny zava-manan’aina efatra dia samy nanana elatra enina avy, sady feno maso ny tenany rehetra manodidina ka hatrao anatiny; ary tsy mitsahatra andro aman’alina izy manao hoe: “Masina, masina, masina ny Tompo Andriamanitra Tsitoha, Ilay taloha sy ankehitriny ary ho avy .”

Andeha ho vakintsika ny Apokalypsy 4:10-11

“Dia hiankohoka eo anoloan’Izay mipetraka eo ambonin’ny sezazia fiandrianana ny loholona efatra amby roapolo ka hivavaka amin’Izay velona mandrakizay mandrakizay, dia hanipy ny satroboninahiny eo anoloan’ny sezazia fiandrianana ka hanao hoe : “Hianao Tomponay sy Andriamanitray no mendrika handray ny voninahitra sy ny haja ary ny hery; fa Hianao no nahary ny zavatra rehetra, ary noho ny sitraponao no nahany sy nahary azy.”

Ireo vondrona roa ireo dia samy miankohoka, milaza ny hatsaran’Andriamanitra. Ny lanitra dia natao ho an’ny mpiankohoka amin’Andriamanitra. Ny fiofanana tsara indrindra hidirana any andanitra dia ny fanazaran-tena amin’ny fankohofana, fankalazana sy fiderana an’Andriamanitra, satria izany no asa sy hetsika lehibe indrindra hataontsika any.

Fa ankehitriny, andeha isika hiverina eto an-tany ary hijery ny iraka nomen’Andriamanitra ny fiangonany. Fantatsika rehetra ny amin’ny hafatry ny anjely telo ao amin’ny Apokalypsy 14:6-12. Momba ny fankohofana sy fiderana izany.

Izao no vakintsika ao min’ny Apokalypsy 14:7

“Nanao tamin’ny feo mahery hoe , “Matahora an’Andriamanitra ka omeo voninahitra Izay fa tonga ny andro fitsarany; ary miakohofa eo anoloan’Izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano .”

Ny hafatry ny anjely voalohany eo amin’ny and.7 dia fanasana hanome voninahitra ny Mpamorona.

Ho vakintsika ny Apokalypsy 14:8

Ary nisy iray koa, dia anjely faharoa, nanaraka ka nanao hoe: “Rava! Rava Babylona lehibe izay nampisotro ny firenena rehetra ny divain’ny fahatezerana noho ny fijangajangana.”

Io hafatry ny anjely faharoa amin’ny and.8 io dia momba an’i Babylona izay nitarika ny maro ho amin’ny fijangajangana, fivavahana sy fankohofana amin’ny andriamani-kafa .

Ho vakintsika ao amin’ny Apokalypsy 14:9-10

“Ary nisy iray koa, dia anjely fahatelo, nanraka nireny ka nanao tamin’ny feo mahery hoe : “Raha misy miakohofa eo anoloan’ny bibidia sy ny sariny ka mandray ny marika eo amin’ny handriny na amin’ny tanany, dia izy koa no hisotro ny divain’ny fahatezeran’Andriamanitra ...”

Ny hafatry ny anjely fahatelo and. 9-11 dia milaza ny amin'ny vokatra mahatsiravina ho an'ireo izay miankohoka amin'ny bibidia sy ny sariny fa tsy amin'Andriamanitra.

Mazava ho azy araka izany àry fa ny teny fikasana eo amin'ny famaranana ny hafatry ny Anjely Telo dia ho an'ireo izay miankohoka amin'Andriamanitra, Apokalypsy 14:13, “*Ary nahare feo avy tany an-danitra aho nanao hoe: ‘Soraty: Sambatra ny maty dia izay maty ao amin’ny Tompo hatramin’izao. Eny, hoy ny Fanahy, fa hitsahatra amin’izay nisasarany izy; fa ny asany manaraka azy.*”

Amin'ny maha-fiangonana antsika, ny iraka tanterahintsika dia ny hitarika ny olona hiaina araka ny fototry ny maha-izy marina amin'ny maha-zava-boahary, dia ny hiankohoka amin' Andriamanitra marina sy hidera Azy. Andraikitsika ihany koa ny mampitandrina ny olona ny amin'ny fahadisoam-panantenana sy ny vokatry ny fankohofana sandoka izay manjaka eto amin'izao tontolo izao. Ary ny hizara ny teny fikasana momba ny valisoa miandry ireo mpivavaka marina.

Moa ve isika faly sy afa-po ny amin'ny fivavahana sy fankohofana ataon'ny tenantsika manokana sy ny fianakavantsika? Amin'ny fomba ahoana no azontsika hanatsarana ny fandraisantsika anjara amin'ny fankohofana sy fiderana iombonana? Mety ho fihaikana lehibe ho an'ny maro ny fahatongavana ara-potoana. Andeha isika hieritreritra sy hivavaka momba izany satria ny fankohofana sy fiderana ary fivavahana no antom-pisantsika.

Fizarana II: Mivavaka sy midera ary miankohoka amin'ny maha-isika manontolo

Amin'ny fomba ahoana no tokony hivavahantsika sy hiankohofantsika? Ny Baiboly dia maneho hatrany ny feontsika ho toy fitaovana hivavahana sy hiderana. Ny andalan-teny anankiray fantatry ny maro dia ny Salamo 66: 1-2: “*Mihobia ho an’Andriamanitra, ry tany rehetra; mankalazà ny voninahitry ny anarany; omeo voninahitra Izzy ho fiderana Azy!*” Manao asa tsara isika amin'izany lafiny izany. Ny Apostoly Paoly ao amin'ny Romana 12:1 dia mandeha lavidavitra kokoa ny amin'ny fomba entina hiderana, “*Koa amin’izany, mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon’Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak’Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany.*” Tsy ny feo ihany, fa ny tenantsika manontolo no tokony ho fitaovana hiankohofana sy hiderana.

Tiako raha mba hifantoka kely isika eo amin'ny fomba fitenenana miverimberina ny amin'ny atao hoe fankohofana tanteraka (feno). Raha nanoratra ho an'ny Filipiana i Paoly dia nampiasa ny teny hoe “*fanatitra velona, masina ary sitrak’Andriamanitra*” mba hamariparitana fomba fanao anankiray manokana tao amin'io fiangonana io. Inona moa izany? Izao no vakintsiaka ao amin'ny Filipiana 4: 18, “*Fa manana ny zavatra rehetra aho sady manana amby ampy aza: feno aho rehefa nandray tamin’i Epaafroditto ilay zavatra nampitondrainareo, dia hanitra ankasitrahana, fanatitra tian’Andriamanitra sady ankasitrahany.*” Inona moa no noheverin'i Paoly ho “hanitra”, “fanatitra ekena/tiana” ary “ankasitrahana’Andriamanitra”? Ny fanomezana feno fahalalahana-tànana nataon'ny Filipiana. Izany dia noheverin'i Paoly ho toy ny fanompoam-pivavahana marina sy tena izy.

Ny manome dia fanompoam-pivavahana. Toy izany hatramin'ny andron'i Abela. I Davida ao amin'ny 1 Tantara 29:3 dia milaza ny amin'ny fanomezana nataony ho toy ny fankohofana sy fiderana an'Andriamanitra: “*Ary koa, noho ny fitiavako* (*fanoloran-tenako*) *ny tranon' Andriamanitro, dia homeko ho an'ny tranon' Andriamanitra, ho fanampin'ny zavatra rehetra novoriko hanaovana ny tempoly masina, izay volamena sy volafotsy ananako.*”

Nahoana moa isika no mandany fotoana betsaka hiresahana ny amin'ny maha-zava-dehibe ny fanomezana ho toy ny fanehoana fankohofana ? Ny vola manko dia manana ny fahafahana hifaninanana amin'Andriamanitra ka ho lasa anton'ny fankohofana (**Avereno**). Tsarovy ireto tenin'i Jesosy ireto, Matio 6:24, “*Tsy misy olona mahay manompo* (*miankohoka/mivavaka*) *tompo roa; fa ny anankiray ho halany ary ny anankiray ho tiany; n any nankiray hombany ary ny nankiray nho hamavoiny. Tsy mahay manompo an'Andriamanitra sy Mamôna hianareo.*” Rehefa ampiasaintsika hanompoana an'Andriamanitra ny harenantsika, dia izany no fomba tsara indrindra tsy hanompoantsika ny harenantsika .

Ity lahateny momba ny “*Ny Maha-izy Marina...natao hiankohoka sy hidera* ” dia mifarana amin'ny fampahatsiahivana ny tantaran'ireo olon-kendry telo lahy avy any atsinanana. Izy ireo dia vavolombelon'ny fahatanterahan'ny faminanian'i Balama manao hoe: “*Misy kintana miseho avy amin'i Jakoba, sy tehim-panjakana miposaka avy amin'Isiraely.*” Nom. 24:17. Tsy nitandro hasasarana izy ireo nnkany amin'ny tanin'Isiraely hihaona amin'Ilay Mpanjaka vao teraka. Nandany alina maro tsy natoriana izy ireo, satria izany ihany no fomba tokana azon'izy ireo hanarahana ilay kintana. Ny dia nataon'izy ireo dia teo amin'ny 1300-1400 kilaometatra teo ho eo. Ny Matio 2: 1-2 dia mampahafantatra antsika ny anton'izao ezaka nataony izao : “*Ary rehefa teraka Jesosy tao Betlehema any Jodia , tamin'ny andron'i Heroda mpanjaka, indreo nisy magy avy tany atsinanana tonga tany Jerosalema ka nanao hoe: “Aiza Ilay teraka ho Mpanjakan'ny Jiosy? Fa nahita ny kintany teny atsinanana izahay ka tonga mba hiankohoka eo anatrehany .”* Mifanohitra amin'izany kosa, ny mpisorona sy ny mpitarika ny vahoakan' Andriamanitra dia tsy nihevitra akory ho zava-dehibe ny hiaraka amin'ireto olon-kendry ireto ho any Bethlehema. Sahirana loatra amin'ny fanaovana ny asan'Andriamanitra izy ireo ka nahita fa sarotra ho azy ny hiato kely hanao fankohofana. Zava-doza izany. Misy sandany ny fankohofana, vonona ve isika hiatrika izany sandany izany ?

Raha vao tonga tany Bethlehem izy ireo, dia nanatanteraka ny antony nahatongavany. Izao no vakintsika ao amin'ny Matio 2: 11, “*Ary rehefa tafiditra tao an-trano izy, dia nahita ny Zazakely sy Maria reniny ka niankohoka teo anatrehany. Ary nony nosokafany ny fitehirizan-drakiny dia nanolotra zavatra ho Azy izy, dia volamena sy zava-manitra ary miora.*” Mahaliana fa i Matio dia tsy mitatitra mihitsy ny teny nampiasain'ireo olon-kendry ireo tamin'ny vavaka nataony na ny hira nohirainy ho an'Ilay Mpanjaka vao teraka. Azo antoka fa tenim-piderana sy fankalazana no nataony, nefo Matio dia tsy naneho afy-tsy lafiny iray tamin'ny fankohofana izay noheveriny fa tena zava-dehibe, dia ny fanomezana natolot'izy ireo. Tonga izy ireo hiankohoka amin'Ilay Mpanjaka vao teraka, ary dia nitondra fanomezana mendrika ho an'ny mpanjaka . Ny kristiana dia mihambo na milaza tena ho miankohoka amin'Ilay Mpanjaka nitsangana tamin'ny maty, inona no azo lazaina momba ny fanatitra ataontsika ?

Mampiasa ny ohatr'ireo olon-kendry telo lahy ireo ny anabavy/rahavavy White mba hanaovan

antso amin'ny mpino ankehitriny : “*Raha nomensika an'i Jesosy ny fontsika, dia ho entintsika ho Azy koa ny fanomezantsika. Ny volamena sy ny volafotsintsika, ny fananantsika sarobidy indrindra eto an-tany, ny talentantsika ambony indrindra eo amin'ny ara-tsaina sy ny arapanahy dia hatokana amin-kalalahana ho an'Ilay tia antsika ka nanolotra ny tenany ho antsika*” – IFM, p. 53.

Famaranana

Ny fototra maha-izy antsika voalohany indrindra dia ny hivelona sy hitondra tena amin'ny mahazava-boaharin'Andriamanitra antsika, ka amin'izany dia antsoina ho mpiankohoka isika. Ny fiankohofana dia tsy zavatra ivelan'ny fainan'ny mpino marina, fa anton'ny fainantsika mihitsy. Andeha isika hanao ho laharam-pahamehana ny fiankohofana isan'andro. Antsoina isika hamaly ny antso nataon'i Paoly tamin'ny kristiana tany Roma: “*mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra .*” Izany no fiankohofana amin'ny fahafenoany rehetra. Toy ireo magy telo lahy, andeha isika hanapa-kevitra anio mba hiaina ny ampahtany manan-danja indrindra amin'ny fiankohofana, amin'ny alalan'ny fanomezana, fanomezana ho an'Andriamanitra toy ny amin'ny Mpanjaka .

Toriteny 3 – Mahita indray ny maha-izy antsika marina

**Ny fomba aman-toetra marin'ny olombelona
dia manao ny fifandraisana ho laharam-pahamehana**

Fampidirana

Nisy toe-javatra nampalahelo sy mahatsiravina nitranga tamin'ny taona 2015 tao Dieppe any Frantsa. Hadinon'ny raim-pianakaviana iray tao anaty fiara nandritra ny folakandro manontolo ny zanany kely Gael, vao enim-bolana monja, ka dia matin'ny hetaheta (tsy fahampian-drano). Nanontanian'ny polisy ity injeniera 35 taona ity mba hanome fanazavana ny amin'ny zavanitrange. Nilaza izy fa sahirana loatra tamin'iny andro iny nihazakazaka tetsy sy teroa, niakanidina ary trtry ny rarint-saina noho ny asa aman-draharahany. Izany loza nitranga izany dia iray amin'ireo sary maro hita eo amin'ny fiaraha-monina iainantsika : *ny fitakian'ny fitadiavam-pivelomana no loza mananontanona lehibe indrindra ho an'ny fiainana.*

Ny lahateny ho dinihina androany dia mitrandraka fototra anankiray hafa momba ny maha-izy ny olombelona : *manao ny fifandraisana ho laharam-pahamehana*. Inona no tombam-bidy omen'Andriamanitra ny fifandraisana? Amin'ny fomba ahoana no ahazoantsika mandamina indray ny laharam-pahamehana eo amin'ny fiainantsika ka hametrahantsika ho voalohan-daharana ny zavatra tokony ho voalohany ?

(Vavaka)

Fizarana I: Ny fifandraisana aloha

Ny fitantarana ny famoronana dia manaporofa fa ny fifandraisana no manana ny toerana voalohany. Ireo zavatra roa naorina tao Edena, ny fanambadiana sy ny Sabata, dia tsangam-bato mandrakizay manandratra ny fifandraisana . Andriamanitra dia namorona an'i Adama ho voahary tonga lafatra, ka nametraka azy tao amin'ny tontolo tonga lafatra, ary nanome azy andraikitra tonga lafatra. Ireo dia toetoetra toa tsy misy azo kianina... nefo tsy tena izany tanteraka. Rehefa nandinika an' i Adama Andriamanitra dia nilaza izao teny izao, Genesisy 2:18, “*Tsy tsara raha irery ralehilahy; dia hanaovako vady sahaza ho azy izy*” Ralehilahy, amin'ny maha-voahary mila fifandraisana azy, dia tsy afaka ho feno sy afa-po raha tsy misy fifandraisana tonga lafatra. Amin'ny fomba ahoana no ahazoantsika manombana ny hatsaran'ny fiainan'ny olona iray ? Moa ve isika manana fironana hijery ny zava-bitany sy ny fananany ? Ny fifandraisana dia ampahany amin'ny fototra maha-izy antsika: ny fanaovana an-tsirambina izany dia tsy maintsy miteraka voka-dratsy .

Hitan'Andriamanitra fa nilaina ny nanarona voninahitra ny asa famoronana nataony teto amin'ny planeta tany tamin'ny fanorenana andro iray fitsaharana. Andeha ange ho jerentsika vetivety izay voalaza ao amin'ny Genesisy 2:2-3: “*Ary tamin'ny andro fahafito dia vitan'Andriamanitra ny asa efa nataony; ary dia nitsahatra tamin'ny andro fahafito Izy tamin'ny asany rehetra izay efa nataony. Ary Andriamanitra nitahy ny andro fahafito sy nanamasina azy, satria tamin'izany no nitsaharan'Andriamanitra tamin'ny asany rehetra izay noforoniny tamin'ny nanaovany azy.*”

Nandritra ny enina andro voalohany, dia namorona zavatra misy endrika Izy ary nameno ny banga, ary tamin'ny fahafito dia namorona ny fitsaharana. Nanoratra ireto teny ireto i Ellen White momba ny Sabata: “*Na dia tao Edena - Paradisa -aza dia hitan'Andriamanitra fa nilain'ny olona mihitsy ny Sabata. Nilainy ny nametraka ny tombon-tsoan'ny tenany manokana sy ny raharahany amin'ny andro iray ao anatin'ny fito, ka handinika bebe kokoa ny asan'Andriamanitra sy hisaintsaina ny amin'ny heriny sy ny hatsarany*” – Patriarka sy Mpaminany, p. 28 . Apetraka ny tombon-tsoa sy ny asa aman-draharaoha mba hahazoan'ny fifantohana, ny fotoana ary ny hery ho voatokana amin'ny fifandraisana amin'Andriamanitra sy ny hafa. Ampahatsiahivina antsika isan-kerinandro ny maha-zava-dehibe ny fifandraisana.

Tao amin'ny votoatin'ny fampianaran'i Jesosy, tamin'ny toriteny teo an-tendrombohitra, dia nohizingizina ihany koa ny nilàna ny fametrahana ny fifandraisana ho laharam-pahamehana. Izao no vakintsika ao amin'ny Matio 6:33, “*Fa katsaho aloha ny fanjakany...*” Inona moa no dikan'izany andalan-teny mahazatra izany? Misy fironana eo amin'ny kristiana hampifandray voalohany indrindra io fanjakana io, ary matetika voafaritra manokana, amin'ny toerana iray, firenena iray na tanàna iray . Izany fiheverana izany dia nitarika kristiana maro ho voasarika fotsiny amin'ny tombam-bidin'ilay fanjakana, dia ny fitiavana, ny fiadanana, ny fahamarinana na ny fanomezana fahafaham-po ny zavatra ilaina amin'ny fiainana ao amin'ilay fanjakana, ny famerenana amin'ny laoniny ny fahasalamana sy ny ara-batana, ary ny fiainana mandrakizay, ka dia hadino ny tena zava-dehibe. Kanefa, io fanjakana io dia voalohany indrindra fanorenana ny fanjakan'ny Mpanjaka iray. Ny fanjakana dia manana Mpanjaka. Ny filazantsara dia miresaka ny amin'ny « Fanjakany », « Fanjakan'ny Rainareo », « Fanjakan' Andriamanitra ». Ny fanjakana voalaza eto dia tsy zavatra haseho amin'ny ho avy fa zava-misy ankehitriny, ary eo akaiky. Amin'ny fomba ahoana àry no fikatsahana io fanjakana io? Voalohany indrindra amin'ny alalan'ny fihaonana, fifandraisana, fikambanana amin'ny Mpanjakan'ilay fanjakana. Ho an'i Jesosy dia io no tokony ho laharam-pahamehana fara-tampony sy mitoetra mandrakariva eo amin'ny fiainan'ny kristiana. Ny mpikatsaka ny fanjakany dia hanao ho laharam-pahamehana ny fifandraisana amin'ny Mpanjakan'ilay fanjakana. Izany no zavatra nasehon'i Jesosy nandritra ny asa fanompoany teto an-tany.

Misy andalan-teny maro ao amin'ny filazantsara momba ny fanaovan'i Jesosy ho laharam-pahamehana ny fifandraisany tamin'ny Rainy. Ny toe-javatra iray mampieritreritra dia izay nitranga tao Kapernaomy voatantara ao amin'ny Marka 1:35-36: “*Ary nifoha maraina alina koa Izy, dia nivoaka nankany an-tany foana ka nivavaka tany. Ary dia nandeha nitady Azy Simona sy ny namany. Ay nahita Azy izy dia nanao taminy hoe : “Ny olona rehetra mitady Anao !”*

Io fotoana manokana niaraka tamin'ny Rainy io dia niseho tamin'ny ora voalohany ny Alahady maraina. Ny andro talohan'io dia Sabata, andro natokana ho an'ny fifandraisan'ny olombelona sy Andriamanitra. Taorian'ny tontolo andro nanaovana fihaonana toy izany, ny zavatra voalohany indrindra nataon'i Jesosy raha vao nifoha ny Alahady dia ny nikatsaka indray io fiarahana mamy io. Misy tsoa-kevitra roa mahafinaritra azontsika raisina : tsy voafaritra ho amin'ny Sabata irery ihany ny fikolokoloana fifandraisana amin'Andriamanitra ary tsy ho tratra na oviana na oviana ny fara-tampon'ny fahafenoan'izany. Tsy mbola vita ny asany; mitady Azy ny olona rehetra. Na izany aza anefa, dia nisafidy hametraka voalohany indrindra ny zavatra voalohany Izy. Amin'ny fomba ahoana no hanombanantsika ny fifandraisantsika amin' Andriamanitra sy hanokanantsika fotoana amin'izany eo amin'ny fiainantsika isan'andro? Moa ve isika alaim-panahy ny hametra

ny fifandraisantsika amin' Andriamanitra ho amin'ny Sabata ihany ? Ny vokatry ny fametrahana voalohany ny fifandraisana isan'andro dia voalaza toy izao ao amin'ny Marka 1:39, "Dia nandeha Izy ka nitory tao amin'ny synagogan'ny olona eran'i Galilia sady namoaka demonia." Ny fifandraisana amin'Andriamanitra dia mitondra ho amin'ny fananan-kery. Ny fahalemena eo amin'ny fiainana ara-panahy sy ny asa fanompoana dia mety ho mpanondro ny tsy fahampian'ny fifandraisana amin'Andriamanitra.

Fizarana II: Mametraka ny laharam-pahamehana araka ny tokony ho izy

Ny filazantsaran'i Lioka dia milaza tantara anankiroa momba ny olona izay nanapa-kevitra hanao ny fifandraisana ho laharam-pahamehana ambony indrindra. Vakintsika voalohany ny momba ireo mpirahavavy, dia Marta sy Maria, ao amin'ny Lioka 10:38-42. I Marta dia nanana fahaizana mandray vahiny. Nampandroso an'i Jesosy tao an-tranony izy ary nanao ny zavatra rehetra mba hanomezana fahafaham-po ny zavatra nilainy. Kanefa i Lioka dia nampiasa ny teny hoe *sahirana tamin'ny fanompoana be* raha nilaza ny amin'ny zavatra nataon'i Marta. Ny fahalalam-pombany sy ny fanehoany fahaiza-miaina dia nisakana azy tsy hanao fanandramana ny amin'ny zavatra manan-danja kokoa. Ny Lioka 10: 39 kosa dia milaza amintsika fa nisafidy toerana hafa i Maria , "Ary izy nanana rahavavy atao hoe Maria, izay nipetraka teo anilan'ny tongotry ny Tompo ka nihaino ny teniny." *Nahazo fanamarihana izy noho ny safidiny. Nefa Jesosy nandamina ny disadisa teo amin'izy mirahavavy tamin'ny alalan'ireto teny ireto nanao hoe:* "Fa ny Tompo namaly ka nanao taminy hoe, "Marta, Marta, maro ahina sy maro erehina hianao, nefo zavatra iray loha no ilaina. Fa Maria no efa nifidy ny anjara tsara izay tsy halaina aminy." Ny teny hoe "ilaina" dia adika tsara kokoa hoe "voalohany indrindra" eto amin'ity tontolon-kevitra ity . *Tsara ny manomana sakafy sy mikarakara vahiny nefo ny voalohany indrindra dia ny mikolokolo fifandraisana amin'ny Tompo .*

Ny tantara faharoa dia voalaza ao amin'ny Lioka 19:1-10. I Zakaiosy dia mpamory hetra. Ny anarany dia maneho fa jiosy izy . Ny jiosy izay nanao io asa io tamin'izany andro izany dia noheverina ho mpamadika sy tsy matahotra an'Andriamanitra. Nankahalain'ny jiosy namany izy ary noroahina tsy ho anisan'ny fivondronan'ny mpino. Ny mpamory hetra dia nanana fiainana ara-piaraha-monina nampalahelo. Kanefa, Zakaiosy sy ireo mpamory hetra hafa dia vonona ny hiatrika izay vokany satria voasarika tamin-javatra hafa izy ireo, dia ny fanangonan-karena. Asa nahazoana karama betsaka tokoa izany sady etsy andanin'izany mora ny nahazoana vola amboniny tamin' ny fampandoavana hetra mihoatra noho ny tokony haloa. Maro ireo mbola manao sorona ny fifandraisana amin'Andriamanitra sy ny hafa noho ny fitiavan-karena.

Nandritra ny fotoana ela i Zakaiosy dia nandresy lahatra ny tenany fa ny hareny dia afaka nisolo toerana ny fifandraisana. Afaka fotoana vitsivitsy anefa dia nahatsapa izy fa misy banga ny fiainany ary naniry hahita an'i Jesosy izy, fara-faharatsiny na dia lavidavitra aza. Noho ny tahotra ny fandavana sy ny fitenenan-dratsy azy dia tsy sahy izy ny hamakivaky ao anaty vahoaka. Noho izany dia nihanika aviavy izy ary niafina tao ambadiky ny rantsan-kazo sy ravin-kazo. Rehefa nandre an'i Jesosy naneho ny faniriany hiantranano any aminy izy, dia nanaiky ny hanohy indray ny fototra maha-izy amin'ny maha-voahary natao hifandray. Izao no vakintsika ao amin'ny Lioka 19:6, "Dia nidina faingana izy ka nampiantrano Azy sady faly." Ilay tsy matahotra an'Andriamanitra izao no indro fa naka fotoana hampandrosoana ao an-tranony ilay raby mahantre avy any Nazareta fa tsy nampiasa ny fotoanany sarobidy hanangonan-karena bebe

kokoa. Eto isika dia mahita fivadihan'ny laharam-pahamehana.

Na i Maria na i Zakaiosy dia samy nanamafy ny amin'ny fiovan'ny laharam-pahamehana mitoetra maharitra (*tsy misy fiovana intsony*). I Maria, taoriana kelin'izany, dia naneho fa ny fifikirany amin'i Jesosy sy ny fitiavany Azy dia tsy hay sandaina. Izao no vakintsika ao amin'ny Jaona 12:3, “*Ary i Maria, rehefa naka menaka manitra nisy narda sady tsara no sarobidy, lanjan’iray livatra, dia nanosotra ny tongotr’i Jesosy sy namaoka ny tongony tamin’ny volondohany; ary feno ny hanitry ny menaka ny trano.*” I Jodasy Iskariota dia nanombana ilay menaka manitra ho toy ny karama herintaona. Nomeny sy nolaniany tsy tamim-pisalasalana izany satria ny fifandraisany tamin'ny Tompo dia nanana ny lanjany ambony lavitra noho ny harena .

I Zakaiosy, ilay lehilahy mahihitra tao Jeriko, dia niova ho mponina malala-tànana indrindra teo an-tanàna. Ao amin'ny Lioka 19:8 dia izao no vakintsika , “*Fa Zakaiosy kosa nitsangana ka nanao tamin’ny Tompo hoe: Indro, Tompoko, ny antsasaky ny fananako homeko ny malahelo; ary raha misy zavatr’olona nalaiko tamin’ny fanambakana, dia honerako avy efatra heny izany .*” Izany fihetsik’i Zakaiosy izany dia fomba nanomezany voninahitra an’i Jesosy Ilay Sakaizany vaovao. Izany koa dia nanamarika ny famerenana amin'ny laoniny ny fifandraisana amin’ireo nambakainy sy nampalaheloviny teo aloha. Nibaiko azy Jesosy ho amin'ny fiovan'ny laharam-pahamehana izao tamin'ny fampiasana ireto teny ireto, ao amin'ny Lioka 19:9, “*Ary hoy Jesosy taminy: Anio no tonga eto amin’ity trano ity ny famonjena, fa izy dia zanak’i Abrahama koa. Fa efa tong any Zanak’olona hitady sy hamony ny very.*” Raha mbola nampidina ny fifandraisana tamin’Andriamanitra sy ny hafa teo amin'ny laharana faharoa i Zakaiosy, dia very izy. Ny iraka tanterahan’i Jesosy di any hitarika ny olona hametraka ny fifandraisana ho loha laharana. Izany no fanalahidin’ny famonjena.

Famaranana

Ao amin'ny olombelona rehetra dia misy faniriana anaty te hanatsara ny kalitaon'ny fiainany. Tena faniriana sy hetaheta ara-dalàna izany. Ny olana dia mitoetra eo amin'ny fomba fiady izay atoron’izao tontolo izao : asa mafy ary manangona betsaka araka izay azo atao. Ny mpaminany Hagay dia milaza ny amin'ny maha-voafetra izany fomba fiosa izany ao amin'ny Haggai 1:6 “*Efa namafy be hianareo, nefo kely no taomina: mihinana hianareo, nefo tsy voky; misotro hianareo, nefo tsy afa-po; mitafy hianareo, nefo tsy misy mafana; ary izay mahazo karama dia mahazo karama hatao an-kitapo loaka .*” Rehefa avy nameno ny kibo, ny paosy sy ny poketra, ny trano sy ny kaonty amin'ny banky, dia mahazatra ny mahita fa mbola mitohy mahazo vahana ny fahatsapana fahabangana. Mahatsapa-tena ho very sy tsy manan-kery hianao. Inona indray ny zavatra hafa tokony ho azo ?

Nampahatsiahivina antsika fa ny olombelona dia nohariana mba hanao ho laharam-pahamehana ny fifandraisana amin’Andriamanitra sy ny hafa. Ny tsy fisian’io fanorenana io dia tsy azo fenoina na soloina amin'ny asa mafy sy fananana harena. I Maria sy Zakaiosy dia nanandrana hanao fiainana amin'ny fomba rehetra azo atao, izay nanimba azy ireo, nefo dia nanomboka tena niaina tokoa izy ireo rehefa tonga laharam-pahamehana ho azy ireo ny fifandraisana. Andeha isika hisafidy anio mba hiaina sy hivelona araka ny fototra maha-izy antsika; mifandray amin’Andriamanitra sy ny hafa.

Toriteny 4 – Mahita indray ny maha-izy antsika marina

**Ny fomba aman-toetra marin’ny olombelona
dia ny ho solon-tenan’Andriamanitra**

Fampidirana

Inona moa no dikan’izany hoe noforonina araka ny endrik’Andriamanitra, araka ny tarehin’ Andriamanitra izany? Loha-hevitra mahaliana tokoa izany. Ny manam-pahaizana sy ireo mambran’ny fiangonana dia nitolona mafy momba azy io. Moa ve Adama dia nitovy tokoa tamin’Andriamanitra ? Moa ve izy nanana fahafaha-manao tahaka an’Andriamanitra ? Moa ve ny fitoviana voafetra ho amin’ny lafiny sasantsasany ihany amin’ny fiainan’i Adama? Ahoana ny amintsika ankehitriny? Fanontaniana maro izay tsy ho azontsika valiana! Kanefa, manaiky isika fa ny hoe “*noforonina araka ny endrik’Andriamanitra, araka ny tarehin’ Andriamanitra*” dia misy ifandraisany amin’ny fototra maha-izy antsika amin’ny maha-olombelona antsika.

Hitrandraka io loha-hevitra io isika amin’ny fomba fijery ny famaritana tsotra ny atao hoe endrika : ny endrika dia maneho zavatra anankiray tena izy sy tena misy tokoa. Amin’ny fomba ahoana no hahatonga antsika ho solon-tenan’Andriamanitra? Misy fomba tokana tsara indrindra ve hanehoantsika Azy?

(Vavaka)

Fizarana I: Miaina amin’ny maha-solon-tenan’Andriamanitra

Io hevitra hoe mitaratra ny endrik’Andriamanitra io, na solon-tenan’Andriamanitra, dia zava-dehibe loatra ho an’ny mpino ka nahatonga an’i Paoly naneho an’Andriamantra mihitsy ho mitarika antsika amin’izany lâlana izany. Izao no vakintsika ao amin’ny Romana 8:29, “*Satria izay fantany rahateo no notendreny koa hitovy endrika amin’ny Zanany, mba ho Lahimatoa amin’ny rahalahy maro Izy.*” Io andalan-teny io dia milaza fa ny rahalahy sy anabavy dia “*notendreny hitovy endrika amin’ny Zanany*” Iza moa ireo rahalahy sy anabavy ireo? Izao no vakintsika ao amin’ny and. 28 fa izy ireo dia “*izay tia an’Andriamanitra, dia izay voantso*”. Io dia ilay sokajin’olona nokendrena hisolo tena an’i Kristy. Andraikiry ny mpino rehetra ny hisolo tena/haneho an’Andriamanitra. Ny fomba fiteny hoe “*izay tia Azy*” dia manaisotra ihany koa ny fiheverana an’Andriamanitra mpanao didy jadona manery ny “*rahalahy sy anabavy*” tsy maintsy haneho Azy/hisolo tena Azy .

Andeha ho dinihintsika ny anjara raisin’Andriamanitra amin’io fizotran-javatra io. Andriamanitra no lazain’ny matoan-teny anankiroa ao amin’ny Romana 8:29, “*fantany rahateo*” ary “*notendreny*”. Ny mahalala rahateo dia toetra na fahafahan’Andriamanitra mahafantatra mialoha. Fa ny hoe “*notendreny*” dia matoan-teny manatanteraka asa. Izany dia mihoatra noho ny tanjona napetrak’Andriamanitra ho an’ny “*rahalahy sy anabavy*”. Izany hoe asa ara-drafitra atao’ Andriamanitra ny hitarika ny “*rahalahy sy anabavy*” ho amin’ny toe-javatra iray, dia ny “*hitovy endrika amin’ny Zanany*.” Tsy hoe manana tanjona fotsiny ho an’ny olombelona izy, fa Izy mihitsy no Ilay manamboatra antsika ho afaka hisolo tena ny Zanany ary hisolo tena Azy

mihitsy koa aza. Amin'ny alalany dia afaka miaina mifanaraka amin'ny maha-izy antsika tany am-boalohany amin'ny maha-solon-tenan'Andriamanitra isika.

Manao izao fanamarihana manaraka izao i Ellen White momba ny Romana 8:28: “*Na dia efa saika very tanteraka noho ny ota aza ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra tao amin'i Adama, amin'ny alalan'ny fahamendrehan'i Jesosy sy ny heriny kosa dia azo havaozina izany. Afaka mijoro manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra ao amin'ny toetrary ny olona; satria Jesosy no hanome izany azy. Raha tsy hita eo amin'ny olona ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra dia tsy afaka hiditra na oviana na oviana ny tanànan'Andriamanitra toy ny mpandresy izy*” (*The Review and Herald, June 10, 1890*). Io andalan-teny io dia sady milaza ny amin'ny ilantsika ny ho endrika , solon-tenan'Andriamanitra, no milaza ihany koa ny fampiasan'Andriamanitra izay ananany rehetra ao amin'i Kristy mba hahatonga izany ho zava-misy. Manana ny fahafahana hanome hatsaran-tarehy ireo endrika vasoka sy simba Izy. Maneho an'iza isika?

Ny teny hoe “ambasadaoro” dia ampiasain’i Paoly ihany koa hilazana ny maha-izy antsika amin'ny maha-solon-tenan'Andriamanitra antsika . Izao no vakintsika ao amin'ny 2 Korintiana 5:20, “*Koa dia iraka solon'i Kristy izahay toa an'Andriamanitra mampangataka anay aminareo. Solon'i Kristy izahay ka mangataka indrindra aminareo hoe: mihavàna amin'Andriamanitra anie hianareo.*” Ny anarana hoe ambasadaoro dia misy ny hevitra hoe iraka, mandika teny na hevitra, ary olona iray izay mandeha. Tamin’ny andron’ny Apostoly Paoly, ny ambasadaoro dia manam-pahefana nohajaina izay nanompo ny fanjakana Romana. Ny andraikiny dia ny hisolo tena ny Amperora na ny fanjakana Romana eo amin'ny fifampiraharahana ara-barotra, fitadiavana fandriam-pahalemana sy fifanarahana, fanelempihavanana ary fanehoana fisakaizana amin'ny fitondram-panjakana any amin'ny tany vahiny. Ao amin'ny Efesiana 6:20, i Paoly dia mampiasa ny teny hoe ambasadaoro amin'ny heviny an'ohatra, mihevitra ny tenany ho ambasadaoron'i Kristy izy. Ny mpino koa dia antsoina mba hanompo toy ny ambasadaoro. Ny solon-tenan' Andriamanitra dia tsy mijanona eo amin' ny toerana tsy manao na inona na inona fa kosa manao asa mavitrika amin'ny anarany.

Mahaliana ny manamarika fa, tamin’izany andro izany, ny andraikitra manokan’ny ambasadaoro dia tsy azo atao raha tsy olona manana ny satan’ny *senateur*, na teraka tao amin'ny sokajin’ny *senateur*. Ny fahaterahana no toetoetra voalohany indrindra ho an’ny olona iray hahazoany mitana ny toeran’ambasadaoro teo amin'ny fanjakana Romana. Araka izany àry, dia mazava kokoa amintsika ny fonja-kevitri’i Paoly, fa ny fepetra hanompoana toy ny ambasadaoron' Andriamanitra dia ny famerenana amin'ny laoniny ny maha-zanaka, famitranam-pihavanana indray amin'Andriamanitra amin'ny maha-zanany lahy sy zanany vavy. Ny andraikitra maha-solon-tenan'Andriamanitra dia tsy ho azo tanterahina amin'ny fahafenoany raha tsy kristiana nateraka indray.

Ny fanehoantsika an’i Kristy dia tokony hitombo arakaraka ny fandrosoan’ny fotoana. Izao no vakintsika ao amin'ny 2 Korintiana 3:18, “*Fa isika rehetra kosa, amin'ny tava tsy misarona dia mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny amin'ny fitaratra, ka ovana hahazo izany endrika izany indrindra avy amin'ny voninahitra ka ho amin'ny voninahitra, toy ny avy amin'ny Tompo, dia ny Fanahy.*” Ny teny hoe “avy amin'ny voninahitra ka ho amin'ny voninahitra ” dia manambara fa misy fiovana avy amin'ny tsy fananana ilay endrika ho amin'ny endrika manjavozavo ary farany

ho amin'ny endrika mamiratra sy mazava. Manamafy indray i Paoly fa avy amin'Andriamanitra izany. Asaina isika mba hanolotra ny momba antsika manontolo mba "hibanjina ny voninahitry ny Tompo ", izany hoe hisaintsaina ny amin'ny fainany. Io fanazaran-tena io dia tokony hiseho amin'ny "tava tsy misarona," amin-kitsim-po sy amim-pahatokiana, amin'ny faniriana marina ny ho voaova. Moa ve isika tonga endrika tsara kokoa isaky ny andro vaovao mipoitra? Rehefa manokana fotoana betsaka amin'ny fibanjinana isika vao ho tonga tena fanehoana marina an'Andriamanitra ny asa ataontsika.

Fizarana II: Taratry ny fitiavan'Andriamanitra

Amin'ny fomba ahoana no azontsika anehoana ny taratry ny Zanak'Andriamanitra amin'ny fomba azo tsapain-tànanana? Ny lahateny fanokafana nataon'i Jesosy tao amin'ny Synagogan'i Nazarea no manome ohatra mahaliana. Izao no vakintsika ao amin'ny Lioka 4:18, "*Ny Fanahin'i Jehovah no ato Amiko, satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy; naniraka Ahy hitory fandefasana ho an'ny mpifatotra Izy, sy fampahiratana amin'ny jamba, hanafaka izay nampahorina.*" Jesosy dia manambara fa miahy manokana ny mahantara, ny mijaly, ny malahelo, ny jamba ary ny mifatotra Izy. Ny solon-tenan'i Jesosy dia ireo izay maneho fahalianana mitovy amin'ny Azy ho an'ireo sahirana, malemy ary marefo. Manatanteraka asa fanompoan'ny fangorahana sy fitiavana izy ireo .

Misy andalan-teny roa manamafy fa ny fomba tokana hanehoana ny endrik'Andriamanitra dia ny fitiavana . Izao no vakintsika ao amin'ny 1 Jaona 4:8, "*Izay tsy tia dia tsy mba mahalala an'Andriamanitra, fa Andriamanitra dia fitiavana.*" Ary ho an'i Jakoba, ny mitaratra ny endrik' Andriamanitra dia ny fananana fomba fainana maneho toe-panahy araka an'Andriamanitra ary mihoatra noho izany aza, Jakoba 1:27, "*Izao no fivavahana madio sady tsy misy loto eo anatrehan'Andriamanitra Ray: ny mamangy ny kamboty sy ny mpitondratena amin'ny fahoriany, sy ny miaro ny tena tsy hisy pentimpentina avy amin'izao tontolo izao.*"

Misy tantara iray ao amin'ny filazantsara, "Ilay Samaritana tsara Fanahy", izay maneho mazava tsara ny atao hoe mitaratra an'Andriamanitra, ny fitiavan'Andriamanitra. Izao no teny soratan'i Ellen White momba io tantara io , "*Ny tantaran'ilay Samaritana tsara fanahy dia naneho antsary (endrika) an'i Jesosy sy ny asany.*" (Ilay Fitavana Mandresy, p. 538).

Misy fitoviana efatra manaitra eo amin'ilay Samaritana sy Jesosy Ilay Modely .

Mametraka izay mety ho fiheverana mibahaha mialoha. Jesosy, Ilay Mpampianatra Modely dia nikarakara ny vahiny, naira-nisakafo tamin'ireo nailikilikin'ny fiaraha-monina ary nampitovy ny tenany tamin'ny olombelona mpikomy. Izao no vakintika ao amin'ny Romana 5:10, "*far aha fony mbola fahavalaoaza isika no nampihavanina tamin'Andriamanitra tamin'ny hahafatesan'ny Zanany ...*" Ilay Samaritana dia nikarakara Jiosy anankiray izay feno fankahalana ny olona tahaka azy. Ny mitia toa an'i Jesosy dia manaisotra ny sakantsakana rehetra; ara-tsosialy, ara-pahaizana, ara-kolon-tsaina, ara-jeografia sy ara-pitenenana.

Manome fahafaham-po ny zavatra ilaina maika. Jesosy, Ilay Mpampianatra Modely dia nanao asa fanompoana tamin'ny teny (fampianarana) sy ny asam-pangorahana mivantana. Arak any voambara ao amin'ny Matio 9:35, "*Jesosy dia nandeha nitety ny tanàna rehetra sy ny*

vohitra, nampianatra tao amin'ny synagoga sy nitory ny filazantsaran'ny fanjakana ary nahasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra." Izao no volaza momba ilay Samaritana, Lioka 10:34, "Dia nanatona Izy ka nofeheziny ny feriny, sady nasiany diloilo sy divay; dia nampitaingeniny tamin'ny bibiny izy ..." Ny mitia toa an'i Jesosy dia mitondrafahasamihafana eo amin'ny fiainan'ny olona.

Vonona handany ho an'ny zavatra ilaina lalindalina kokoa. Jesosy, Ilay Mpampianatra Modely dia nanao mihoatra noho ny fampianarana sy fanasitranana, nandoa sarany lafo dia lafo Izy. Izy dia "*nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, di any fahafatesana teo amin'ny hazo fijaliana !*" (Filipiana 2:8). Izany no hany fomba tokana azo niatrehana ny zavatra lalina notakian'ny fahotana. Ilay Samaritana tsara fanahintsika dia nanome mihoatra noho ny famehezana fery, diloilo sy divay. Mba hiantohana fialofana sy fanasitranana, dia nanndoa denaria roa (and. 35) izy, izay mitovy amin'ny karama indroa andro ho an'ny mpiasa tena havanana. Ny mitia toa an'i Jesosy dia mampiasa ny fitahiana azontsika mba hitahiana ny hafa.

Miasa ho an'ny fanarenana tanteraka. Jesosy, Ilay Mpampianatra Modely dia manohy ny asa fanompoany amin'ny alalantsika rehefa avy nandoa ny trosantsika teo amin'ny hazo fijaliana . Izao no voasoratra ao amin'ny Hebreo 4:14, "*Koa satria isika manana Mpisoronabe lehibe, Izay lasa namaky ny lanitra, dia Jesosy Zanak'Andriamanitra, aoka isika hihazona izay efa nekentsika .*" Ilay Samaritana dia naneho fisainana mitovy amin'izany, nanao ny maily mihoatra noho izay notakiana, Lioka 10:35b, "*Tsaboy izy*", hoy izy, "*ary na hoatrinona na hoatrinona no laninao mihoatra noho ireto dia honerako rehefa miverina aho*" Ny tanjony amin'ny maha-solon-tenan'i Kristy azy dia tsy ny hanamaivana fotsiny ny fahorianfa fa ny famerenana amin'ny laoniny tanteraka. Ny mitia toa an'i Jesosy dia fanolorana izay ananana amin'ny fomba feno sy maharitra mba hitondrana ny olona ho amin'ny fahafenoana

Famaranana

Rehefa avy nitantara ny amin'ilay Samaritana Tsara Fanahy Jesosy dia nanao izay antso manaraka izao ho an'ilay mpahay lalàna "*Mandehana hianao ka mba manaova toy izany koa*" "Ilay Samaritana dia nitondra tena toy ny endriko, solon-tenako, ka mba manaova toy izany koa." Izany antso izany koa dia manan-kery ho an'ireo rehetra noforonina arak any endriny, tahaka ny tarehiny : Mametraka ny fiheverana mibahana mialoha, Manome izay ilain'ny olona , Vonona handoa ny saran'ny fanompoana ary Mitarika ny olona ho amin'ny fahafenoana. Izany no (fotora) votoatin'ny maha-izy antsika. Amin'ny maha-endrik'Ilay Tompo Modely antsika, dia tsy natao hitomoe-poana isika fa ho olona manao asa mavitrika, feno fitiavana ary manompo ny hafa , fa tsy manaraka "*rafitra, na fanekem-pinoana na fombafombam-pivavahana*" fotsiny. Ny vaovao mahafaly dia izao: Ilay namorona antsika sy miantso antsika mba ho solon-tenany dia afaka sady vonona ny hamolavola (hanefy) ny fiainantsika. Mihazakazaha manatona Azy, manokàna fotoana hibandinana ny fiainan'i Jesosy ary omeo alalana Ilay Tompo Mpanakanto hiasa ao anatinao. Mifidiana anio ny ho tonga sangan'asany.

Toriteny 5 – Mahita indray ny maha-izy antsika marina

**Ny fomba aman-toetra marin’ny olombelona
dia miankina amin’Andriamanitra .**

Araka ny voambaran’ny Baiboly, ny taranak’olombelona dia tsy vokatry ny fahaveloman’izay matanjaka indrindra. Ireo raiamandrenintsika voalohany dia tonga teo amin’ny fainana niaraka tamin’ny zavatra rehetra nilaina efa vonona teo an-toerana. Noforonina izy ireo toy ny zavamanan’aina tonga lafatra ary napetraka tao amin’ny tontolo tsara indrindra. Ny maha-izy azy ireo sy ny zavatra nananany dia nolovaina avy amin’Andriamanitra avokoa. Tamin’ny voalohany dia Andriamanitra no Mpanome izay nilainy sy Mpanohana ary ny olombelona kosa dia natao hiankina Aminy.

Ny fakam-panahy voalohany dia famelezana mivantana io fototry ny maha-izy anankiray io: fiankinan-doha amin’Andriamanitra Mpiahysy Mpamelona. Rehefa nanoso-kevitra tamin’i Eva ny devoly hoe “*Ho tahaka an’Andriamanira hianareo*” , dia fanasana handà an’Andriamanitra ho toy ny Mpiahysy izany . “*Ny fihinana ny voan’ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy* dia fanambarana avy amin’i Adama sy Eva fa mandà an’Andriamanitra ho loharanon’ny fahalalany izy ireo. Mahafantatra isika, ary vavolombelona sy manao fanandramana ny amin’ny vokatry ny fisafidianana ny tsy fiantehlerana amin’Andriamanitra .

Amin’ny fomba ahoana no ahazoan’ny fahitana indray io fototry ny maha-izy io, di any “Fiankinan-doha amin’Andriamanitra Mpiahysy”, hanampy antsika hiatrika ny resaka momba ny tahotra (ahiahy), fireharehana (avonavona), ary ny fitiavan-tena izay mamely ny olombelona amin’ny tranaka rehetra mifandimby ?

(Vavaka)

Fizarana I: Fanafodin’ny tahotra

Ny tahan’ny tahotra amin’izao fiaraha-monina misy antsika ankehitriny izao no anisan’ny avo indrindra tamin’izay efa nosedrain’ny taranak’olombelona. I Barry Glassner, izay nianatra manokana momba ny fitrangan’ny tahotra any Etazonia, dia manambara fa “*nisy foana tsy nitsahatra ny tahan’ny tahotra avo dia avo tany Etazonia* ” hatramin’ny taona 1980. Ny fanadihadiana natao tamin’ny taona 2013 tany Afrika Atsimo dia manondro ny fisian’ny “tahotry ny vahoaka ” teo amin’ny firenena. Ny 94%-n’ny mpandray anjara tamin’ny fanadihadiana dia “tena matahotra mafy.” Misy antony maro ao ambadik’izany toe-javatra manaitra izany : ny fampihorohoroana, ny herisetra, ny fitotonganana ara-toe-karena, ny toetr’andro no anisan’izany antony izany. Manao fanamarihana momba ny antony vaovao ankehitriny i Lily Rothman , “*Ny fahasamihafana miharihary ankehitriny dia maro ny olona no mahatsapa fa tsy maintsy hiatrika samirery ny tahotra.*” Mahatsapa ny olona fa tsy afaka hiantehitra amin’ny fitondram-panjakana, na amin’ny polisy na ny sampan-drahara ha hafa mba hiaro azy ireo amin’ny zava-mampatahotra lehibe sasantsasany. Io tsy fahafahana hahalala ny fisiana na fanatrehan’ny olona na fikambanana azo iankinana io no mitondra ho amin’ny fitomboan’ny tahotra, ho amin’ny kolo-tsain’ny tahotra.

Izany no toe-tsaina nisy tao amin'ireo mpisafo tany 10 lahy rehefa avy nandany 40 andro nanaovana fanadihadiana ny amin'ny Tany Nampanantenaina izy ireo. Toy izao no vakintsika ao amin'ny Nomery 13: 31-33, “*Tsy mahazo miakatra handresy ny olona isika; fa mahery noho misika izy.*” *Dia nilaza ratsy ny tany izay nosafoiny tamin’ny Zanak’Isiraely izy ka nanao hoe: “Ny tany izay nalehanay nosafoina dia tany izay mandevona ny monina eo, ary ny olona rehetra izay hitanay teo dia olona vaventibe; ary nahita ny Nefilima teo izahay, dia taranaky ny Anakita avy amin’ny Nefilima. Ary teo imasonay dia tahaka ny tsingetana izahay; ary toy izany koa izahay teo imasonry.”* Namaly araka ny zavatra hitany izy, olona vaventibe sy mponina masiaka, ny amin'ny fomba nahatsapany ny tenany, tsingetana, ary izany rehetra izany dia nifangaro tamin’ny eritreritra tsy mitombina araka ny marina. “*Ny tany izay nalehanay nosafoina dia tany izay mandevona ny monina eo.*” Izany toe-javatra izany dia nitondra ny tahotr’izy ireo hatrany amin'ny haavo izay nahatonga azy ireo ho tsy nahahetsika sy nandà ny hiditra ao amin'ny tany fitodiana izay nankamamian’izy ireo hatramin’ny ela. Manana antony maro ny tahotra. Ny tahora tsy nampoizina dia misakana ny fanatanterahana ny zava-kendrena eo amin'ny fainana .

Tamin’ny fomba mahagaga anefa, ny anankiray tamin’ireo mpisafo tany, i Kaleba zanak’i Zefone, dia naneho herim-po sy fahasahiana. Ny fanandramana mitovy niainana dia mety hitondra amin'ny fihetsika samihafa ! I Kaleba dia namaly ny tahotr’ireo namany tamin’ny fomba toy izao manaraka izao, Nomery 13:30: “*Fa Kaleba nampangina ny olona teo anatrehan’i Mosey ka nanao hoe: “Andeha isika hiakatra mihitsy mba hahazoantsika azy, fa haharesy azy tokoa isika.*” Moa ve dia tso-po be loatra izy ? Moa ve izy niezaka handresy lahatra ny mpitondra, dia i Mosesy? Tsy izany velively ! Ny herim-pony dia niorina tamin’ny faharesen-dahatra lalina, Nomery 14:7-9: “*Ny tany izay nalehanay nosafoina dia tany tsara indrindra. Raha sitrak’i Jehovah isika, dia hitondra antsika ho amin’izany tany izany izy, k homeny antsika, dia tany tundra-dronono sy tantely. Fa aza miodina amin’i Jehovah hianareo ary aza matahotra ny tompon-tany; fa hanina ho antsika ireo; ny fiarovany efa niala taminy ary Jehovah efa momba antsika; koa aza matahotra azy hianareo.*” Notononiny izao fanafody fanalana tahotra izao manao hoe : “*Jehovah hitondra antsika* ” ary “*Jehovah momba antsika .*” Nanaiky an’Andriamanira ho Mpanome zava-tsoa sy fiarovana izy ka dia nanapa-kevitra hiankina Aminy. Izany no loharanon’ny fiadanam-pony teo anivon’ny zava-tsarotra. Nampita hery miasa mangina tao amin’i Josoa, ilay ho mpitarika vaovao, izy; ka dia tonga anankiray afaka mijoro eo anivon’ity vahoaka feno tahotra ity izy.

Dimy amby efapolo taona taorian’izany, indro Kaleba efa antitra 85 taona , nefá tsy nisy na dia tahotra kely akory aza nanampentina ny herim-pony. Rehefa nizara ny tany i Josoa, dia nanatona izy ka nampahatsiaro an'ilay mpitarika vaovao fa nampanantenaina ho azy ny volhitra nisy ireo olona vaventibe masiaka, Josoa 14:12, “*Ary ankehitriny, omeo ahy iry tendrombohitra iry, izay nolazain’i Jehovah tamin’izany andro izany; fa efa renao tamin’izany andro izany fa nitoetra teo ny Anakita , sady nisy tanàna lehibe mimanda; angamba homba ahy Jehovah, dia haharoaka azy aho, araka izay nolazain’i Jehovah.*” Ny taona dia mety hampihena ny herim-batana fa tsy misy akony amin'ny herim-po sy ny fahasahiana raha mbola mitoetra ho mahatoky amin'ny fototry ny maha-izy antsika isika, di any fiateherana amin’Andriamanitra.

Fizarana II: Fanafodin’ny fireharehana (avonavona)

Ny fireharehana (avonavona) dia zava-doza tokoa ho an'ny olona feheziny. Solomona ilay lehilahy Hendry dia nanoratra ireto teny ireto, Ohabolana 16:18, “*Ny fiavonavonana (fireharehana) mialoha ny fahasimbana. Ary ny fanahy mirehareha (miavonavona) mialoha ny fahalavoana.*” Mampihatra izany fahamarinana izany amin’ny mpitarika ankehitriny i John Maxwell manao hoe : “*Ny mpitarika izay tsy afaka mandrantsana ny fireharehany (fiavonavonany) dia ho esorina aminy ny voninahiny. Tsy vinavina izany fa zavatra azo antoka. Miaraka amin’ny fireharehana (fiavonavonana), dia tsy resaka velively hoe “raha sendra ka mianjera/lavo isika”, fa kosa “rehefa lavo”. Tsy misy fanavahana na kely akory aza.*” Amin’ny fomba ahoana no hiarovantsika tena amin’io areti-mandoza io ? Efa voan’izany fireharehana (fiavonavonana) izany ve isika ?

Ny tantaran’ny mpanjakan’i Babylona, sarin’ny fireharehan’ny olombelona, dia mampianatra antsika ny fitsaboana ny fireharehana. Nanao izao teny mampieritreritra izao momba ny tenany i Nebokadnezara, Daniela 4:1 “*Izaho, Nebokadnezara niadana tao an-tranoko ary faly finaritra tao an-dapako .*” Ao amin’ny andininy 27, dia ampiany hoe, “*Tsy ity va no Babylona lehibe, izay nataoko ho lapan’ny fanjakana tamin’ny haben’ny heriko mba ho voninahitry ny fahalehibiazako ?*” Misongadina ny “Izaho” sy ny “-ko”, midera ny tenany izy noho ny zavadehibe vitany. Ny boky mirakitra ny tantara fahiny (Encyclopedie de l’Histoire Ancienne) dia manome ny fanoritsoritana an’ i Babylona fahiny toy izao : “*Ny tanàna dia fantatra amin’ireo rindrina sy trano avobe, ny lazany amin’ny maha-fitoerana lehibe ho an’ny fianarana/fahalalana sy ny kolo-tsaina azy, ny famoronana lalàna izay efa nisy elabe talohan’ny lalàna tamin’ny andron’i Mosesy, ary noho ireo zaridaina mihantona izay zaridaina nataontànana nambolena zava-maniry samihafa, tondrahana tamin’ny milina fanondrahana, izay tanisain’i Herodotus ho anisan’ny Zava-mampitolagaga Fito eto amin’izao tontolo izao (Sept Merveilles du Monde).*” Araka ny fanombanana ataon’olombelona dia mahatratra tokoa ny faratampony i Nebokadnezara. Kanefa ny mirehareha ny amin’ny tenany dia mitoetra mandrakariva ho fihetsika mampidi-doza .

Vakintsika ao amin’ny Daniela 4:30b ny vokatry ny fireharehan’i Nebokadnezara, “*Fa noroahina niala tamin’ny olopna izy ka nihinana ahitra toy ny omby, ary ny tenany dia kotsan’ny andon’ny lanitra ambara-paniriny ny volony ho toy ny an’ny voromahery, ary ny hohony ho toy ny an’ny vorona.*” Sarotra ny mametraka anarana amin’ny aretina nahazo an’ity mpanjaka feno fireharehana ity. Ny hany azontsika lazaina dia endrika fara-tampony amin’ny fikorontanan’ny maha-izy izany : olona iray niombo teo amin’ny toetoetran’ny biby ary miaina toy ny biby. Ny fireharehana dia fialana amin’ny fototra maha-izy, dia ny fanekena an’ Andriamanitra ho Mpiahny sy ny fanekena ny fiankinantsika Aminy. Sahiran-tsaina ny amin’ny fitondrantenanao ankehitriny ve hianao? Matetika ve hianao no variana amin’ny kilalao sy ny loka samihafa? Moa ve hianao miezaka mandrakariva ny hijery sy hanao tsara kokoa noho ny hafa? Moa ve hianao mahatsapa fa ny olona dia mahita anao ho toy ny hafahafa sy mahagaga? Manokàna fotoana hanaovanao fanombanana ny tenanao, angamba mety misy ao anatinao ao olan’ny fiheraherana mandady mankao amin’ny fiaiananao .

Soa ihany, ny tantaran’i Nebokadnezara dia mifarana amin’ny tatitra momba ny famerenana azy amin’ny laonny, Daniel 4:31, “*Ary rehefa tapitra ny andro, izaho Nebokadnezara nanandrandra ny masoko tamin’ny lanitra, ary nody tamiko indray ny saiko; ka dia nisaotra ny Avo Indrindra aho ary nidera sy nankalaza Izay velona mandrakizay.*” Io andininy io sy ny manaraka dia

manome fanambarana mazava ny amin'ny anton'ny famerenana azy amin'ny laoniny. Nanandranda ny masonry tamin'ny lanitra izy: midika izany fa tsy nifantoka tamin'ny tenany intsony izy. Izany dia mariky ny fanekeny ny fiandrianan'Andriamaniry ny lanitra. Navantana nankany amin'ny Avo Indrindra ny fiderana fa tsy tamin'ny tenany intsony na tamin'ny zavabitany. Sitrana tamin'ny fireharehany (fiavonavonany) izy, sitrana tamin'ny fikorontanan'ny maha-izy azy tamin'ny nanekeny an'Andriamanitra ho Mpanome izay ilaina ary ny nisafidianany hiantehitra Aminy. Ireo trattrin'ny fireharehana dia afaka manova ny fiainany sy ny ho aviny. Ny tsiambaratelo dia ny fanekena fa Andriamanitra no loharanon'ny zavatra ananantsika ary Izy no manome hery sy tanjaka hahavitana izay zavatra rehetra mety ho vitantsika .

Fizarana III: Fanafodin'ny fitiavan-tena

Ny fitiavan-tena dia fahasimbana anankiray amin'ny toetran'ny olombelona lavo. Isaia dia mampiasa sary manaitra hanoritsoritana ny fitiavan-tenan'ireo mpitarika teo amin'ny Israely fahiny , Isaia 56:11, “*Lian-kanina ireny amboa ireny ka tsy mahalala voky, sady mpiandry tsy mahafantatra ireny; samy efa nivily ho amin'ny lâlany avy izy rehetra, samy mankamin'ny filâny harena avokoa izy rehetra.*” Io toetra io dia tsy mandeha ho azy tsy misy fiantraikany amin'ny hafa sy ho an'ny tena. Ny Apostoly Jakoba dia manoratra momba ny vokatry ny fitiavan-tena, Jakoba 3:16, “*Fa izay misy fialonana (fitsiriritana) sy fifampiandaniana (hambom-po feno fitiavan-tena) dia misy fikorontanana mbamin'ny asa ratsy rehetra.*” Ny fitiavan-tena dia miteraka asa ratsy sy tsy marina. Ny ohatra roa mahazatra dia ny fanararaotana ny mahantara ataon'ny manan-karena ary ny fanimbana ny tontolo iainana hanomezana fahafaham-po ny hambom-pon'ny tena manokana. I Paoly dia miresaka ny amin'ny tsy fankasitrahana' Andriamanitra ny fitiavan-tena, Romana 2:8, “*Fa ho an'izay mitady ny ho an'ny tenany ihany kosa sady tsy manaraka ny marina, dia fahavinirana sy fahatezerana.*” Ao amin'ny andininy manaraka dia miresaka ny amin'ny “*fahoriana sy fahantrana* “ izy. Ny fitiavan-tena dia olana lehibe; amin'ny fomba ahoana no azo handresena azy?

Ny mpanjaka Davida dia mizara fanandramana momba ny fahafahany miaina fiainana tsy misy fitiavan-tena, miaina fiainana feno fahalalahantânana. Andeha ho vakintsika ao amin'ny 1 Tantara 29: 14, “*Fa zinona moa aho ary zinona ny oloko, no ahazoanay hery hanatitra toy izao?*” Gaga sy zendana izy ny amin'ny fahalalahantânana nataon'ny tenany ary maniry hahita ny antony izy. Ao amin'ny fehezan-teny manaraka dia aharihariny ny toe-javatra niteraka izany, “*Avy tamin'ny Anao ihany no nanomezanay Anao.*” Raha vao nahatsapa Davida fa Andriamanitra no Mpanome ny zavatra rehetr, dia mazava ho azy fa tonga fantsona handalovan'ny fitahiana ho an'ny hafa izy. Taminy, ny manome dia fanambarana sy fampahatsiahivana fa Andriamanitra no Mpanome ho azy. Rehefa mahatsapa ny hatsarampanahin'Andriamanitra ny olona iray, dia tonga olona be fitiavana. Raha Andriamanitra àry no Mpanome izay ilaina, dia tsy misy na inona na inona misakana Azy tsy hanome indray rehefa nizara izay azontsika isika. Noho izany, dia tsy tokony hatahotra ny hanome isika.

Ny fanekena an'Andriamanitra ho Mpanome ny zavatra ilaina dia manosika antsika hiala amin'ny fitiavan-tena ary mitondra ho amin'ny fahalalahantânana. Araka ny fanambaran'i Ellen White, ny fampiharana ny fahalalahantânana dia kapoka anankiray fanampiny hampiala ny fitiavan-tena. Izao no soratany, “*Ny fiantrana mitohy sy feno fandavan-tena no fanafody avy amin'Andriamanitra ho an'ny fahotana mikikin'ny fitiavan-tena sy fitsiriritana.* ” (The Adventist Home, p.370). Ny fiantrana marina dia asehon'ny teny anankiroa manan-danja, “mitohy” ary

“fandavan-tena”. Ny teny hoe “mitohy” dia manambara fa tsy fanomezana nentin’ny fahataitairana sy tsy voaomana, fa kosa zavatra efa maty paika rehefa mamerina ny ampahafolony sy manolotra ny fanatitra ary manome ho an’ny sahirana. Ny teny hoe “fandavan-tena” dia manondro fanomezana misy fanaovana sorona ny tena fa tsy fanomezana izay ambiny na ny vola madinika indrindra na izay sendra misy ao anaty paosintsika amin’ny fotoana anaovana ny fanatitra. Ny fomba fanomezantsika no fiadiana mahomby handresena ny fitiavan-tena.

Famaranana

“Ny olona tsirairay dia tsy maintsy mandray fanapahan-kevitra na handeha amin’ny fahazavan’ny fiheverana ny hafa na amin’ny haizin’ny fitiavan-tena manimba,” hoy Martin Luther King Jr. Inona no ho fanapahan-kevitsika amin’ny fiafarar’izao hafatra izao ? Moa ve isika miatrika ny olan’ny tahotra, fireharehana (fiavonavonana) ary ny fitiavan-tena ? Moa ve izy ireny mangeja ny fiainantsika ary misakana antsika tsy hiaina ao anatin’ny fahafenoana? Ny fanafody dia hita ao amin’ny fototra maha-izy antsika: fanekena an’Andriamanitra ho Mpanome ny zavatra ilaina ary ny fiateherantsika Aminy.